27 aprily 2010

Le 13 Iyar 5770.

Manandrana sa mijery fotsiny ny mofon’aina ?

Kristianina iray amin’ny valo ihany araka ny tombantombana no manana Baiboly ao an-tokatranony. Ireo izay manana Baiboly, mba firy re no mamaky izany isan’andro? Ary amin’ireo izay mamaky ny tenin’Andriamanitra, mba firy no mahazo ny hevitr’izay vakiany noho ny fanampian’ny Fanahy Masina ? Ary farany, firy no mampihatra izay novakiany eo amin’ny fiainany andavanandro ?

Fotoana sarotra iray teo amin’ny tantaran’ny zanak’Israely ny nanaovan’ny tafika syrianina fahirano an’I Samaria renivohitry ny fanjakana avaratra . Noho ny hamafisan’ny fahirano dia nisy olona sahy nihinana ny zanany mihitsy (2 Mpanjaka 6:26-29). Nanome tsiny an’I Elizé mpaminany ny Mpanjaka Jorama tamin’izay noho io fahiràno io kanefa nambaran’i Elyzé fa hihalefaka ny fahirano ny ampitso satria hamidy amin’ny vidiny mora dia mora ny kobambary ary ho mora nohon’ny taimborona amidy hosolon-tsakafo ao an-tanàna izany! Nisy mpanafika manamboninahitra nanao tsinontsinona izany fampanantenana izany ka nanambàny ilay mpanompon’Andriamanitra. Dia hoy Elizé namaly azy ***“Indro, ho hitan'ny masonao indrindra izany, nefa tsy mba hihinananao.***” (2 Mpanjaka 7:2)

Ny alin’io dia nisy andiana boka teo ivelan’ny tanàna nanapa-kevitra ny ho eny amin’ny tobin’ny syrianina fa naleon’izy ireo hofati-tsabatra toy izay ho faty noana. Kanjo rehefa nanakaiky ny toby ry zareo dia nahita fa efa tsy nisy olona intsony teo ary toy ny navela tamin’ny fahatairana indrindra izany. Nampilaza haingana ny mpiambina ny vavahadin’ny tanàna ireto boka ireto ary nampitaina tamin’I mpanjaka Joràma izany vaovao izany. “Ary ilay mpanafika malaza izay (nanome tsiny an’i Elizé) dia notendreny hiambina ny vavahady; ary voahitsaka teo am-bavahady izy, ka dia maty araka izay nolazain'ny lehilahin'Andriamanitra, dia ilay nolazainy, raha nidina tany aminy ny mpanjaka.” (2 Mpanjaka 7:17)

Io tantara io dia mampiseho ireo izay manana fahafahana hanandrana ny mofo avy any an-danitra kanefa tsy miraharaha izany! Tsy manararaotra ny zava-tsoa sy ny famindrampo hatolotr’Andriamanitra azy izy ireo. Eo imasony ny Baiboly kanefa tsy dinihiny. Misy Tenin’Andriamanitra mipetra-potsiny ao an-tranony. Ny herinandro fiaraha-mivavaka na fihetsiketsehana hafa ao ampiangonana dia tsy maharototra azy ireo akory . “**Amin’ity indray mitoraka ity fotsiny...**” kanefa manahy aho fa izay no hitranga amin’ny firotsahan’ny ranonorana farany dia ny handalovan’ny Fanahy fotsiny eo amin’ireo izay milaza tena ho kristianina ireo.

Tokony tsy hitrangàn’izany amintsika, amiko sy aminao. Tahaka an’i Joba dia tokony ho harena bevava ho antsika ny Tenin’Andriamanitra ary ho fety be mandrakariva ny fihinanana ny mofon’aina !

http://schwintner.chez-alice.fr/